


DEREK PRINCE
MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Ny Mpisolo Tena Mahagaga Antsika

Maty ny fahafatesantsika i Jesosy mba handraisantsika ny fiainany.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra Dries Du Plessis Dries Du Plessis

Andao hojerentsika ny Soratra Masina sasany miresaka momba ny fomba nanehoan’i Kristy ny Tenany tamin’ny taranak’olombelona sy nanafoana ny helony.

> " Koa satria manana nofo aman-dra ny zaza, dia mba nandray izany koa Izy, mba handringanany amin’ny fahafatesana ilay manana ny herin’ny fahafatesana--dia ny devoly--ary mba hanafahany izay rehetra nandany ny fiainany rehetra tamin’ny fahandevozana noho ny tahotra ny fahafatesana.”. (Hebreo 2:14–15 ,)

Rehefa nikomy i Adama, fa tsy ho mpanjaka, dia lasa andevo izy — voafatotr’i Satana, fahafatesana, ary simba. Tsy afaka intsony izy. Mba hanafahana ny olombelona amin’izany fanandevozana izany anefa, dia naka ny endriky ny maha-olombelona Azy Jesosy Tenany, dia ny toetran’i Adama. Naka nofo sy ra mitovy izay ananako sy ianao ny Tenany mba Handringanany an’ilay mitana ny fahafatesana, izany hoe, ny devoly-- avy amin’ny herin’ny Fahafatesany-- ary hanafaka antsika rehetra izay nihazona ny fiainantsika manontolo amin'ny fanandevozana noho ny tahotra ny fahafatesana. Teo amin’ny hazo fijaliana, no nitondran’i Jesosy Tenany ny toetran’ny olombelona lavo sy ny fahotany. Izany koa no voalaza ao amin’ny 1 Petera 2:24 :

> “Izy [Jesosy] nitondra ny fahotantsika tamin’ny tenany teo ambonin’ny hazo, mba ho faty ny amin’ny ota isika, fa ho velona ny amin’ny fahamarinana; ny dian-kapoka taminy no nahasitranana anareo”

Teo amin'ny hazo fijaliana, Jesosy dia tanteraka tamin'ny fahotantsika sy ny helotsika. Izy no lasa fanati-panonerana heloka lehibe farany nanala ny ota sy ny heloky ny taranak’olombelona. Izy no nitondra ny fahotantsika sy ny famaizana antsika. Ny ratrantsika dia tonga Ratrany, ary maty ny fahafatesantsika Izy. Nofoanany ny heloky ny

© 2008 - Dries Du Plessis

fikomiana amin’ny maha-solontenantsika, Adama farany, nihantona teo amin’ny hazo fijaliana, nandatsaka ny ran’Ainany, nanolotra ny Tenany manontolo mba hanavotra antsika.

Misaotra Anao,Jesosy ô, noho ny Asanao teo amin’ny hazo fijaliana. Manambara aho fa nanolotra ny Tenanao tanteraka lanao mba hanavotra ahy, ary Jesosy dia maty ny amin’ny fahafatesako mba hahazoako ny Fiainany, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-115-MLG
Nohavaozina farany: 09 Oct 2026
Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

